| | |
|---|---|
| Teny iditra | Rabetsimandranto Fidelis-Justin |
| Singan-teny | Rabetsimandranto ; Fidelis ; Justin |
| Sokajin-teny | anaran-tsamirery (olona) [fitanisana] |
| Fanazavàna teny malagasy | **Rabetsimandranto Fidelis-Justin (1907-1966)** [1.1]<br><br>Fidelis-Justin Rabetsimandranto dia teraka tao Antananarivo tamin'ny taona 1907, volana Oktaobra ary nodimandry tamin'ny volana Aogositra 1966. Tao Mananjara, vohitra kely naorin'Andrianampoinimerina tany an-tendrony, ao ambany atsimon'Ambohijanahary, no akany nahitany masoandro. Ny razambeny dia anisan'ireo " Valopololahy " sy " Valopolovavy " nafindran'ny Ombalahibemaso fonenana tao. Tao amin'ny Sekolim-panjakana tao Fiadanana no nanombohan-dRabetsimandranto nianatra, dia nifindra tao amin'ny "Ecole-Supérieure " tao Faravohitra izy, ary avy ao dia niditra ho kilasimandry tao amin'ny " Collège Saint-Michel" Amparibe; dia tao no nianarany nandritra ny efa-taona ka nahazoany ny diplaoman'ny fahazoa-mampianatra. Nony nivoaka ny fianarana izy, tamin'ny taona 1925, noho ny talenta hita taratra nananany tamin'ny fanoratana, dia nangatahina mba ho isan'ny Mpanoratra amin'ny " Feon'ny Marina " , ka dia tao no nanombohany ny asany voalohany amin'ny soratra ary nahalalan'ny maro ny hakanton'ny diam-peniny mitondra ny solon'anarana hoe: Fidelis-Justin, "anarana indrana" nentiny mandra-pahafatiny. Ny poezia no isan'ny soratra nahavanana azy sy nankafiziny fatratra ary nokaliny sy nanorenany fo tokoa. Raha vao herintaona monja no nanoratany an-gazety, dia namoaka ho boky ny asany voalohany izy, izay nomeny anarana hoe "Fehezam-boninkazo" , tononkalo mirindra sy feno aingam-panahy ambony ka toa niavaka tamin'ny asa soratra fahita tamin'izany andro izany. Hatramin'io taona 1926 io, dia tsy nitsahatra ny nanoratra i Fidelis Justin Rabetsimandranto, ary nifototra tamin'ny literatiora ka ny amboaran-tononkalo sy tantara poezia vitany hatramin' izay dia miisa amin-jatony; ny tantara foronina, enina ambin'ny folo; ny tantara fampisehoana, enina; ny Vako-drazana, enina, ka anisan'ireo ny "Kabary taloha sy ankehitriny ". [2.314] |
| Voambolana | Haisoratra: mpanoratra |
| Asa navoany | Adidy nandresy fitiavana Tritriva<br>Andraikiba<br>Antananarivo sy Ambanivohitra<br>Avonavona resim-pitia<br>Diksionera Malagasy: A-Doka<br>Fo idealy<br>Fomba amam-panao malagasy: 1887-1962<br>Hady folo sosona<br>Iangivola<br>Kabary vaovao<br>Ny Fehezam-boninkazo<br>Ny kabary taloha sy ankehitriny<br>Ny voninkazon-dohataona<br>Ranokombe<br>Sahy sedra Mizana tsindrian' ila<br>Soaniary<br>Sorobaton'ilay jamba<br>Trimofoloalina<br>Vatolahy<br>Votso-droa |